Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA Alakamisy 07 janoary 2021

Fiarahabana

Vavaka

" Ny hitsaràna ny firenena rehetra." (Zefania 2.8-15)

Hira : 39 :1 Faingana ry Mpanjaka

Vakiteny 1. Zefania 2.8-11

8 Efa reko ny fandatsan' i Moaba sy ny fanaratsian' ny taranak' i Amona, Izay nandatsany ny oloko sy nireharehany teny amin' ny sisin-taniny.9 Koa raha velona koa Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, dia ho tahaka an' i Sodoma tokoa Moaba, ary ny taranak' i Amona ho tahaka an' i Gomora, dia ho alan' amiana sy lava-tsira ary tany lao mandrakizay; ny sisa amin' ny oloko no hamabo azy, ary ny sisa amin' ny oloko no hahalasa azy.10 Izany no ho valin' ny avonavony, satria nandatsa ny olon' i Jehovah, Tompon' ny maro, sy nirehareha taminy izy.11 Hahatsiravina azy Jehovah, satria hahamosarena ireo andriamanitra rehetra ambonin' ny tany Izy, mba hiankohofan' ny any amoron-tsiraky ny jentilisa rehetra eo anatrehan' i Jehovah, samy any amin' ny fitoerany avy.

Hira : 300 :1,6 Ny tany izay vangianao

Vavaka

Mangataka mba hataon'ny Tompo ho mahatoky, ka ho isan'ireo sisa, ataon'Andriamanitra fiasàna hampitodidoha ny jentilisa hanaiky ny Tompo.

Mangataka mba handre ny antson'ny Filazantsara ny olona rehetra ka hibebaka sy hanaraka ny Tompo ka tsy hiharan'ny fitsaràna.

Vakiteny 2. Zefania 2.12

12 Hianareo Etiopiana koa, ho voatrabaky ny sabatro hianareo.

Hira : 39 :2 Avia, fa misento

Vavaka

Mangataka ny isan-tokantrano mba samy hatoky ny Tompo sy hiankina Aminy manoloana ny hetraketraka sy ny fanenjehana ary ny mety fampahoriana ataon'ny tsy mino, ary hiankina amin'ny fiarovany sy ny fitsaràny.

Mivavaka ho an'ireo sahirana, ireo marary, ho an'izao tontolo izao mba hitodika amin'Andriamanitra.

Mba hitsaharan'ny valanaretina COVID 19.

Vakiteny 3. Zefania 2.13-15

13 Ary haninjitra ny tànany hamely ny avaratra Izy Ka handringana an' i Asyria; Ary hahalao an' i Ninive ho karankaina tahaka ny efitra Izy.14 Ary hisy andiany handry ao aminy, Dia fivorian' ny karazam-biby samy hafa, Ny sama sy ny sokina hitoetra ao amin' ny kapitaliny; Feo mikiririoka no ho re ao am-baravarankely, Ary fandravana no ho eo an-tokonana, Fa hendahany ny rafitra sedera.15 Izany no tanàna niravoravo sady nandry fahizay, Izay nanao anakampo hoe: Izaho no izy, ary tsy misy hafa; Endrey! efa tonga lao izy, eny, fandrian' ny biby! Izay rehetra mandalo azy dia hisitrisitra sy hanondro tanana.

Hira :

Vavaka

Vavaka malalaka faranana amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo.

FEHINY Salamo 14.1-6

Ny adala manao anakampo hoe: Tsy misy Andriamanitra. Manao izay ratsy sy vetaveta izy; tsy misy manao ny tsara.

Eny an-danitra Jehovah miondrika mijery ny zanak' olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an' Andriamanitra. Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza.

Tsy mahalala va ny mpanao ratsy rehetra, izay mihinana ny oloko toy ny fihinan-kanina, ary Jehovah tsy antsoiny? Indreo, matahotra dia matahotra izy, satria Andriamanitra no eo amin' ny taranaka marina. Na dia foananareo aza ny fisainan' ny ory, Jehovah kosa no arony.

Hira : 39 : 4,5 Mpanjaka sy Mpiaro

Tsodrano

Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo.